
Assemblée nationale de Tsimbazaza, le 28 juin 2018. Le Premier ministre Ntsay Christian a présent le Programme général de l'Etat (PGE) - www.madagate.org

(...)

« Vao avy nankalaza ny faha-58 taonan’ny Fahaleovantenan’i Madagasikara isika. Koa isaorana Andriamanitra nahafahantsika nanamafy tamin’ny alalan’ny firaisankina ny maha-ambony ny fiandrianam-pirenentsika. Misaotra Azy koa isika fa tanteraka soa amantsara ny fihaonantsika voalohany anio aty amin’ny lapam-panjakana Tsimbazaza amin’ny maha-Praiministra, Lehiben’ny Governemanta ny tenako.

Mankasitraka sy mankatelina anareo rehetra tsy ankanavaka ny tenako nohon’ny ezaka vita teo amin’ny fandaminana izao fotoana anio izao.

Eny, mandalo fotoan-tsarotra ny firenena. Eny, tsy azo takonana ny fisian’ny savorovoro ara-politika sy ara-piarahamonina. Kanefa mbola ao dia ao ny fanahy maha-malagasy eo amintsika ka mipetraka ho zava-dehibe hatrany ny fahaizana miara-miaina ary ny finiavana hitandro hatrany ny Soatoavina toy ny Fihavanana.

Ka izany indrindra no nampatsiahiviko hatrany fa ilaina dia ilaina ny fikatsahana ny fitoniana, ny fifandeferena ary ny fifankatiavana eo amin’ny samy Malagasy. Izany Tompokolahy sy Tompokovavy ny toe-tsaina entiko manoloana anareo anio, hanolorako ity FANDAHARAN’ASA HO FANATANTERAHANA NY POLITIKA ANKAPOBEN’NY FANJAKANA ity.

Araky ny voalazan’ny Andininy faha-99 ao amin’ny Lalàmpanorenan’ny firenentsika dia voninahitra ho ahy izany ny manolotra anareo etoana ny fandaharan’asa momba ny fanohizana

ny fampiharana ny Politika ankapoben'ny Fanjakana. Tsara ihany ny mampatsiahy fa araky ny voalazan'ny Andininy faha-55 ny Lalàmpanorenana, ny Filoham-pirenena no manoritra sy manapaka izany Politika izany.

Manana endrika manokana ny andraikitra nankinina tamiko amin'ny maha-Praiministra ahy, araky ny toro-làlana ao amin'ny Fanapahan-kevitra mitondra ny laharana faha-18 tamin'ny faha-25 mey 2018 izay noraisin'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalàmpanorenana mikasika ny ivoahana amin'ny krizy politika.

Hozaraiko amin'ny teboka telo lehibe ny lahateny arosoko amin'ny fanolorana ity fandaharan'asa ity :

- Dia ny voalohany amin'izany ny mikasika ny fifidianana
- Ny teboka faharoa dia ny filaminam-bahoaka sy ny fahandriampahalemana
- Ny teboka fahatelo dia ny fitantanana ny raharaham-panjakana.

1. **FIFIDIANANA**

Ny fanomanana fifidianana izay andraisan'ny rehetra anjara, fifidianana malalaka, madio, mangarahara ary eken'ny Malagasy no laharam-pahamehan'ny governemanta tarihiko.

Hajaina arak'izany ny zo sy fahalalahan'ny mpifaninana haneho hevitra araka ny voalazan'ny Andininy faha-10 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Ny solontenam-panjakana isan-tsokajiny no hampihatra, handrindra sy hampanaja izany. Izany indrindra no hitakiana ny fandraisana andraikitra tsy mitanila eo amin'ny solontenam-panjakana mikirakira mivantana ny fanomanana ny fifidianana.

Hanome tànana ny Vaomiera mahaleotena misahana ny fifidianana ny governemanta sy ireo sampan-draharaham-panjakana isan-tsokajiny, anisan'izany ny haino aman-jerim-pirenena.

Antoka ahafahan'ny Malagasy mahatsapa fa malalaka, madio ary mangarahara tanteraka ny

fifidianana ny fampahafantarana ny dingana rehetra hiatrehana izany, manomboka amin'ny fanomanana ara-teknika, ny fampielezan-kevitra, ny andron'ny latsa-bato, ary indrindra ny fikirakirana ny valim-pifidianana.

Fepetra hamafisina ihany koa ny mba handraisan'ny rehetra anjara amin'ny fifidianana, ka tsy anilihana ireo olom-pirenena maniry ny hilatsaka ho fidiana ho Filoham-pirenena.

Havoaka ao anatin'ny fotoana fohy ny didim-panjakana hampiharana ireo lalàna vaovao momba ny fifidianana hiantohana ny fanatanterahana ireo fepetra voalazako teo aloha.

2. **FILAMINAM-BAHOAKA SY FANDRIAMPAHALEMANA**

Averina haingana ny filaminam-bahoaka. Nomena toromarika ny mpikambana rehetra ao amin'ny governemanta hanao laharam-pahamehana ny dinika sosialy amin'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra, indrindra ny sendikan'ny mpiasa sy ny fiaraha-monim-pirenena mba hampitony ny disadisa samihafa.

Hamafisiko fa tsy tokony hisy ny fanapahan-kevitra miendrika valifaty na avy amin'iza na avy amin'iza. Hotanterahina koa ny fampiharana ny didim-pitsarana mahakasika ireo olana mianjady amin'ny Délégués syndicaux tany amin'ny orinasam-panjakana vitsivitsy mba hanamafisana ny fitoniana katsahina.

Ny tenako manokana dia efa nandray ary mbola handray hatrany ireo sendika maro samihafa izay manao fitakiana amin'izao fotoana izao ary efa naneho ny fahavonon'ny governemanta hihaino azy ireo, ary hamaha ny olana arak'izay azo atao ao anatin'ny fifampidinihana hatrany.

Ho fanamafisana ny fomba fijery vaovao amin'ny fametrahana ny dinika sosialy ho laharam-pahamehana dia ataoko fanamby ny hankatoavan'i Madagasikara ny « Convention 151 » ny Fikambanana iraisam-pirenana momba ny Asa amin'ny fivoriana ara-potoana faharoa ny parlemanta mba tena hiainana any amin'ny sehatrin'ny Asam-panjakana sy ny Fitantanana ny raharaham-bahoaka ny dinika sosialy ary ny fijerena hatrany ny tombontsoa iombonana.

Asa ifandrimbonan'ny rehetra ny fampanjakana ny fitoniana koa hasaina isika tompon'andraikitra isan-tsokajiny, ao anatin'izany koa ny mpitondra sindikaly, mba hitandro izany na amin'ny fihetsika na amin'ny fandraisam-pitenenana ary indrindra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Mifanaraka rahateo amin'ny kolotsaina malagasy izany mba hitsinjovana hatrany ny Fihavanana.

Efa nambarako matetika koa fa sarotra ny fanomanana ny fifidianana raha toa ka tsy misy ny fandriampahalemana. Izay indrindra no maha laharam-pahamehana ny filaminam-bahoaka.

Apetraka sy amafisina isaky ny faritra mena rehetra ny mpitandro ny filaminana hisorohana ny asan-dahalo. Aparitaka eny anivon'ny fiaraha-monina ireo mpitandro ny filaminana hisorohana ny asan-jiolahy sy ny fampihorohorona ary ny fakana an-keriny.

Paikady atao ny fametrahana fandriampahalemana ifotony mba hameranana ny filaminam-bahoaka.

Hisy ny fanaovana ny « marche manœuvre » hataon'ny foloalindahy mba hanamafisana ny fandriampahalemana any ambanivohitra. Mitohy ny fametrahana ireo andian-tafika iraisam-piadiana na "Bataillon interarmes".

Tanjona hapetraka ihany koa ny famerenana arak'izay azo atao ny omby lasan'ny dahalo. Fantatra fa fitaovana mahomby entina iadiana amin'ny asan-daholo ny fampiasana ny angidim-by, tsy maintsy manao ezaka ny fanjakana mba hahafahana mampiasa ireo izay efa eo am-pelatanana.

Saingy tsy ho foana ny asan-dahalo raha mbola tsy misy ny fanenjehana ireo olona izay manadio ny omby halatra, na izay mividy azy ireny, ary ireo mamatsy fitaovam-piadiana.

Mivoana tanteraka amin'ny fiaraha-monina malagasy ny fakana an-keriny noho izany fepetra entitra no raisin'ny governemanta hanatsarana ny rafitra iadiana amin'ny fakana an-keriny.

Hatevenina ny asa avy amin’ireo mpanao famotorana mba hanatsarana koa ny fandehan’ny raharaham-pitsarana.

Andraikitry ny rehetra ny miaro sy manatevina ny fandriampahalemana. Koa entanina ny vondrom-bahoaka itsinjarampahefana, ny olom-boafidy ary ny olom-pirenena ifarimbona amin’ny mpitandro ny filaminana.

## 3. **FITANTANANA NY RAHARAHAM-PANJAKANA**

Miandry fanovàna eo amin’ny fitantanan’ny raharaham-panjakana ny vahoaka eo amin’ny fanatanterahana ireo tanjona stratejika mandrafitra ny Programan’asam-panjakana.

Izany dia mitaky ireto zavatra manaraka ireto :

- Fanatsarana ny fomba fitantanana ny raharaham-panjakana, ny fampiharana sy fanajana ny didy aman-dalàna ary ny fametrahana fitsarana tsy mitanila
- Fampiroboroboana ny fiharian-karena amin’ny alalan’ny fampitoniana ny tontolo politika sy sosialy, ny fampiorenana ny lafiny ara-toekarena sy ny fametrahana tontolon’ny fandraharana hanintona ny fampiasam-bola eto amintsika
- ary Fanitarana ny fahazoan’ny rehetra fahefana hisitraka ny asa fototra ataon’ny fanjakana izay kendrena mba ho tsara kalitao.

Noho izany ny governemanta dia haka ireto fepetra manokana ireto :

- Tohizana ny fampiharana ny Plan national de développement ary ny paquet de réformes nifanarahana tamin’ny mpiara-miombon’antoka amintsika
- Hikendry hatrany ny ahitana vokatra amin’ny asam-panjakana rehetra izay atao (efficacité de l’action publique)
- Ho entitra ny fanaraha-maso ny amin’ny fampiasana ny volam-panjakana mba hisorohana ny fandaniam-poana sy ny gaboraraka. Ao anatin’izany dia singanina manokana ny famerenana ny plaque rouge ho an’ny fiaram-panjakana.

Fantatsika fa dimy amby fitopolo (75%) isan-jaton'ny ny volam-panjakana dia andoavana ny karaman'ny mpiasam-panjakana ary ampandehanana ny raharaham-panjakana. Ary izay indrindra no anisan'ny antony lehibe ny amin'ny tokony hankatoavana ny Loi des finances rectificative.

Ekena fa mbola maro ny ezaka tokony atao mba hanatsarana ny tontolon' ny asam-panjakana fa saingy manana adidy isika hikatsaka mandrakariva ny fahombiazana eo amin'ny fanatanterahana ny asa sy hanome fahafaham-po ny vahoaka izay misikim-ponitra mandoa ny hetra sy ireo trosam-pirenena.

Ireo voatanisa ireo ny fomba handaminana ny asan'ny governemanta eo amin'ny fanatanterahana ny PGE ao anatin'ny vanim-potoana iatrehana ny fifidianana. Raha ireo no tanteraka dia azo lazaina fa miroso amin'ny filaminana isika.

Noho izany, ao anatin'ny fiatrehana ny fanomanana ny fifidianana dia tsy maintsy atrehina ihany koa ny fanohizana ny programan'asam-panjakana mifanaraka amin'ny ministera tsirairay avy. Marihiko etoana fa efa nankatoavina teo anivon'ny filan-kevitry ny governemanta ny firafitry ny ministera tsirairay mba hahafahan'izy ireo miasa avy hatrany.

Zavatra telo no tiana resahina ato anatin'ity fanatsarana ny fitantanan'ny raharaham-panjakana ity :

- Voalohany dia ny mahakasika ny Toekarena
- Faharoa dia ny Sosialimbahoaka
- Fahatelo dia ny ady amin'ny kolikoly.

- **Toekarena**

Amafisin'ny governemanta ny mikasika ny fanatsarana ny tontolon'ny fampiasam-bola sy ny fampananan'asa. Maro ireo fanapahan-kevitra tsy maintsy ho raisina eo anivon'ny governemanta mba hamahana ireo olana maro samihafa mety mamparefo ny fitomboan'ny arikarena ary ireo sakatsakana tsy hiteraka asa.

Hohatsaraina ny lalàna mikasika ny fananan-tany mba ahafahan'ny tantsaha indrindra indrindra hisitraka ny vokatry ny ezaka atao.

Hojerena manokana ihany koa ny mikasika ny lalana izay hanampy tokoa amin'ny fifamoivoizana izay tena mifandray mivantana amin'ny fifidianana.

Ho raisina tsy misy hatak'andro ireo didi-panjakana fampiharana ary hoentina hanatsarana ny tontolon'ny fambolena, fiompiana, jono, ny harena ankibon'ny tany.

Torak'izany koa ny mahakasika ny indostria sy ny orinasa afak'haba izay efa nahazoana tolo-kevitra naroson'ny vondron'ny mpampiasa.

Ho jeren'ny governemanta akaiky ireny tolo-kevitra manamafy ny fahefana mifaninana eo amin'ny tsena ato anatiny na ivelany.

Ny momba ny fizahan-tany dia fantatsika tsara ny tsy fahandriam-pahalemana atrehin'ireo mpandraharaha. Efa mandray fepetra isika mba hiarovana ireo faritra misarika ny fizahan-tany. Efa nisy fanapahan-kevitra rahateo nametrahana ny paikady manokana mahakasika an'izany.

Hamafisina ihany koa ny fepetra hiadiana amin'ny fanondranana antsokosoko ny harena Malagasy. Efa diso tafahoatra loatra ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena ka tsy azo ekena intsony izany.

Mikasika ny angovo manokana sy ny famatsiana herinaratra dia sorohina araka izay azo atao ny tsy hisian'ny fahatapahan-jiro mba hitsinjovana ny mpanjifa. Ezaka anankiray manokana voarakitra ao anatin'ny LFR koa izany. Amin'ny ankapobeny, ho tohizana ny ezaka amin'ny fampivoarana ny angovo madio ary azo havaozina eto amintsika.

- **Sosialim-bahoaka**

Napetraka ho anisan'ny laharam-pahamehan'ity governemanta ity ny fitsinjovana manokana ny faritra atsimon'i Madagasikara. Anisan'izany ny famatsian-drano, ny fanjarian-tsakafon'ny reny sy ny zaza, ady amin'ny dahalo. Hojerena manokana ny ady atao amin'ny fanararaotana ny fampiasana zaza tsy ampy taona amin'ny sehatra maro. Fantatro tsara ireo lesoka manahirana ireo ary isaorako ny fianakaviambe iraisampirenena mitondra ny anjara birikiny amin'ny fisorohana izany.

Mikasika ny fampianarana dia hiezaka ny governementa hamaha ny olana mba hiverenan'ny ankizy any an-tsekoly mba tsy hisy taona fotsy.

Eo amin'ny fiatrehana ny Pesta sy ny valan'aretina hafa mety hiparitaka sanatria amin'ny faran'ny taona dia ho jerena akaiky amin'ny herinandro ambony sahady ny fepetra rehetra tokony ho raisina izao dieny izao mba hitsinjovana ny fahasalamam-bahoaka.

Manome toky anareo ny tenako sy ny governemanta fa hitohy ny fiarahamiasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka iraisampirenena amin'ireo asa niarahana hatramin'izao.

Efa hisy rahateo ny fihaonana eo anivon'ny Groupe de Dialogue Stratégique amin'ny herinandro ambony hijerena manokana ny fomba handrindrana ny asa miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka amintsika ireo.

- **Ady amin'ny kolikoly**

Anisan'ireo sehatra hisian'ny fitohizan-draharaha ny ady atao amin'ny kolikoly. Ireo ministera isan-tsokajiny misahana ny fitantanana ny raharaham-panjakana dia hanamafy ny andrimaso, indrindra indrindra ireo sehatra mahakasika ny fitantanam-bola, ny harena ankibon'ny tany, ny tontolo iainana, ny fahandriam-pahalemana, ny filaminam-bahoaka, ny atitany, ny fitsinjaram-pahefana ary ny fitsarana.

Ny eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena dia hanohy ny hetsika hoe « Tsy azon'ny mpamily atao ny manome vola ireo miasa eto fa voararan'ny lalàna ary mampiditra am-ponja na ny manome na ny mandray". Hanao ohatr'izany koa ny eo anivon'ny Polisim-pirenena.

Mahatonga ny kolikoly ihany koa ny tsy fahafantaran’ny vahoaka ireo mpitsopitsony, na ny lalana tokony arahina rehefa hikarakara taratasim-panjakana. Tsy maintsy hapetraka ny mangarahara mba afahan’ny vahoaka mahafantatra ny dingana rehetra arahina rehefa manantona ireo birao-panjakana izy. Tsy maintsy hampiharina ireo toro-lalana enti-miasa na “standards de service” ka fantatra mazava ohatra ny fe-potoana hamoahana taratasim-panjakana mba tsy hivezivezy lava ny vahoaka.

Efa am-perinasa ny “*Pôle anti-corruption*” eto Antananarivo, dingana iray goavana ny fametrahana izany satria dia nohamafisina ny fahaleovantenan’ireo mpitsara misahana manokana ny ady amin’ny kolikoly ary izany dia mahakasika koa ny tompon’andraikitra ambony maro samihafa. Hapetraka tsy ho ela koa ny Pôle anti-corruption any Toamasina.

Ny vokatra andrasana amin’ny fotoana haingana dia ny fanafoanana hita mivaingana ny kolikoly amin’ny sehatra rehetra ary ny isam-baratonga amin’ny fitantanana ny raharaham-panjakana fa indrindra izay mahakasika ny fiainana andavan’andron’ny vahoaka.

Mitaky fanovana toe-tsaina ny ady amin’ny kolikoly satria efa lalim-paka eo anivon’ny fiaraha-monina misy antsika ny fanaovana izany. Mila haverina amin’ny laoniny ny toe-tsaina ka tsy ny tranga manokana “na “exception” intsony no zary lasa fitsipika na règle. Ny ezaka ara-toekarena sy ara-tsosialy hanatsarana ny fiainam-bahoaka dia hanampy amin’ny ady atao amin’ny kolikoly.

Mila sahy mijoro ny vahoaka ka tsy hanome tsolotra intsony ireo izay mitaky izany, eny amin’ny lalam-pirenena, any amin’ny tobim-pahasalamana, eny amin’ny biraon’ny asampanjakana isan-tsokajiny ary anatin’izany ireo fitsarana isan’ambaratongany. Mety hilaza isika fa kolikoly madinika izany fa saingy aza adino fa maharary ny vahoaka ny toe-java-misy. Adidin’ny fanjakana sy ny rantsa-mangaika napetraka ho amin’izany no miaro ireo izay sahy mijoro manohitra ny kolikoly.

Voafaritra mazava tsara ny andraikitra napetraka tamiko amin’izao vanim-potoana mialohan’ny fifidianana izao. Fantatsika tsara anefa fa tsy ho vita mora foana ny fanatanterahana ireo asa notanisaiko teo ireo. Misy ny dingana efa natomboka. Fa mbola maro koa ireo asa ho atao. Miangavy anareo izay misolo tena ny vahoaka ny tenako, hifarimbona sy hifanome tànana amin’ny governemanta eo amin’ny fanatanterahana ireto fanamby iankinan’ny aim-pirenena

ireto :

- **Fanamby** hampanjaka ny fitoniana ary hampandry fahalemana ny firenena amin'izao vanim-potoana hirosontsika any amin'ny fifidianana izao
- **Fanamby** hamerenana ny hasin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana eo anivon'ny governemanta sy ny sampan-draharaha rehetra mipaka any amin'ny Fokontany

- **Fanamby** hanampiana ny tanora hiatrika amim-pahendrena ny ho aviny
- **Fanamby** hampitraka indray ny voninahitry ny Malagasy.

Eto am-pamaranana dia tiako ny misaotra eto ampahibemaso ireo mambran'ny governemanta rehetra. Tsy nikely soroka ianareo teo amin'ny fanomanana ity fandaharan'asa momba ny fanohizana ny fampiharana ny Politika ankapoben'ny Fanjakana ity. Miandrandra vokatra maika izao ny mpiray tanindrazana amintsika ka mila mahay miara-miasa isika amin'ny Solombavambahoaka tsy ankanavaka.

Farany, manantitra ny fisaorana ho anareo eto anivon'ny Antenimieram-pirenena nampiantrano, nanome voninahitra ary naharitra nihaino ny fanolorana ity programan'asa ity ny tenako. Sitraka enti-matory izao, Tompoko, satria manome hasina ny fandrindrana ny fitantanana ny raharaham-pirenena, satria koa manome hasina ny Firaisankinam-pirenena ary ny Fihavanana.

Misaotra Tompokolahy, Mankasitraka Tompokovavy ».

**Ntsay Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta malagasy**

**Tsimbazaza, Lapan'Antenimierampirenena, 28 Jona 2018**